Fitondrana Rajoelina 3
**Tsy tambo isaina ny fanitsahana lalampanorenana ataony**

Mpomba an-dRavalomanana Toliara 3
**Namelona ala honko tany Ankilibe Saint- Augustin**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 4 aprily 2023 Laharana 1421 Vidiny : **600 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Begidro Belo Tsiribihina 8
**Nitombo ny nanao vaksinin'ny covid19 noho ny fandalovan'ny mpampandry tany**

**Fanakanana fivoriana ankalamanjana** 2

# Vinitra amin'ny ministra Tokely, ny filoha Ravalomanana




**Fianarantsoa, Mahajanga, Toamasina** 7

# Nifandona indray ny mpianatra sy ny herim-pamoretana




**Dis-TIM Boriboritany faha-3** 2

# Miantso ny filoha Ravalomanana hirotsaka ho fidiana indray




**Anosivavaka, Ankazomanga** 3

# Taom-pandresena ho an'ny TIM ny 2023 hoy ny depiote Todisoa



**Tranga mahonena** 6
**Zazalahy kely 6 taona maty nisy nanolana**

**Fetin'ny Paska** 7
**Fihenam-bidy miavaka ao amin'ny Baolai**

**Daka kely**

Vao maika malaza foana i Dada amin'ny havendrananareo manenjika azy ry Boaikely a !

FANAKANANA FIVORIANA ANKALAMANJANA

# Vinitra amin'ny ministra Tokely, ny filoha Ravalomanana

Tontosa omaly tao amin'ny Tiko Sambaina Manjakandriana faritra Analamanga ny fifampiarahabana tratry ny taona, sady fihaonambe nataon'ny Dis-TIM Manjakandriana, notarihan'ny filohany William Henri Randriamanga. Niatrika izany ny filoha Marc Ravalomanana, sy ny avy amin'ny birao politikan'ny antoko, nahitana ny sekretera jeneraly Rina Randriamasinoro, sy ireo depiote TIM notarihan'ny filohan'ny vondrona parlemantera TIM, ny depiote Fetra Ralambozafimbololona. Na nisy indray aza ny fanakanana nataon'ireo mpitandro filaminana herim-pamoretan'ny fitondrana Rajoelina, tontosa ihany izany fihaonana izany. Voatery nandeha an-tongotra ny filoha Marc Ravalomanana sy ireo mpiara-dia aminy nandritra izany, satria voasakana ny fiara nitondra azy ireo raha nikasa ho any Manjakandriana aloha. Niteraka fitohanan'ny fifamoivoizana tamin'ny lalampirenena faharoa iny ihany koa izany, ka nahatonga ireo mpampiasa izany lalana izany, tezitra tamin'ireo mpitandro filaminana koa. Noho izay fanakanana izay, sy noho ny fandraran'ny ministry ny atitany Tokely Justin ny famoriam-bahoaka ankalamanjana, vinitra na tezitra tamin'izany fanapahan-kevitr'ity mpikambana amin'ny governemanta ity izany ny filohan'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM, sady filoha nasionalin'ny antoko TIM, mba ministra ihany hoy izy nefa tsy mahafantatra izay voalazan'ny lalampanorenana sy ny lalàna velona misy eto amin'ny firenena. Nanome toky ny filoha Marc Ravalomanana, fa tsy hisy izany voasakantsakana izany intsony, fa mandroso hatrany. Fisakanan'olombelona ireny, hoy izy. Fisakanan'olona manana saina ratsy tsy te-hampandroso ny firenena, fisakanan'olona kanosa. Fantatra tamin'io fotoana io koa, fa manohana ny tolona ataon'ny mpanao gazety ao amin'ny Federasiona: FAJM, ny filoha Ravalomanana, amin'ny tokony hanokafana ny gazety La Gazette de la Grande Ile, miombom-po amin'i Lola Rasoamaharo koa izy amin'ny antsojay izay mahazo azy, amin'ny fampidirana amponja ity filoha tale jeneralina gazety ity izao.



*Ny filoha Marc Ravalomanana nandeha an-tongotra, fa voasakana ny fiarakodia nitondra azy sy ireo mpiara-dia aminy.*

**Isambilo**

Toe-tsaina « Gasitsara »

# Mahomby hiadiana amin'ny tsy fandriampahalemana

Iaraha- mahalala fa tena efa mamaivay tanteraka ny lafiny tsy fandriampahalemana na antanàn-dehibe na ambanivohitra. Mampikaikaika ny maro ny fisian'ny fanafihana etsy, fanendahana eroa, vaky trano etsy, fandrobana eroa. Matetika dia miafara amin'ny famonoana mivantana na an-kolaka, satria ilay saina mihintsy no simba rehefa avy noraofin'ny olondratsy, tao anatin'ny fotoana fohy izay nohariana sy nisasarana nandritra ny taona maro. Miitatra hatrany, tsy mifidy izay ho robaina intsony ireo olondratsy eny fa na dia vokatra eny an-tsaha aza. Vokany, miraviravy tanana ireo mpamokatra ary mihena ny tahan'ny vokatra izay hampitombo indray ireo fahasahiranana efa misy. Fanoitra iray lehibe antoky ny hisian'ny fampandrosoana ny fandriampahalemana. Ndeha ho asiantsika resaka hoe : inona avy ireo antony mampirongatra ity tsy-fandriampahalemana ity, sy ny vahaolana mahomby entin'ilay toe-tsaina "Gasitsara" ao anatin'izany.

Voalohany indrindra sady iaraha-mahita dia ny fahantrana. Misy fitenenana hoe : « Ny vola miteraka vola, ny harena miteraka harena » fa ny mifanohitra amin'izay ihany koa dia marina fa « ny fahantrana miteraka fahantrana » : arakaraky ny tsy fananan'ny olona loharanombola no tsy hananany traikefa mampitombo vola, satria ny eo ampelan-tanana aza tsy misy nohon'ny tsy fisian'ny asa. Eto ilay endrika voalohany hisian'ny tsy fandriampahalemana, satria misy ny miantehitra amin'ny fandrobana sy fangalarana, fisolokiana sns,… mba hampisy ny eo ampela-tanana mandrakariva. Ny olana anefa dia traikefa na fandrobana sy fanafihana ary fisolokiana no ananan'izy ireo avy eo, fa tsy ilay traikefa mihary sy manangona.



*Ny Dr. Randriamahenina Fabrice, tompon'ny hevitra: Gasitsara.*

Ireo manana loharanom-bola madio sy manana traikefam-pihariana kosa rehefa avy voaroba dia lasa miraviravy tanana, ka potika mihintsy ilay fiarahamonina.

Rehefa tafapetraka ao amin'ny tsirairay tsy an-kanavaka ilay toe-tsaina tia karokaroka, tia miasa, tia manatsara, tia manaja ny nisasaran'ny hafa ho entin'ilay toe-tsaina « Gasitsara », dia azo inoana fa tsy maintsy hanitikitika ny anaty fo sy sainy ao no mbola hanoizany izany asa ratsy izany. Tsy maintsy hitady loharanom-bola madio izy ireo na ambanivohitra na antanàn-dehibe (eto moa tsy maintsy misy ny fiaraha-misalahy amin'ny lafiny ara-toe-karena, sy ara- indostrialy ny amin'ny famoronan'asa izay efa noresahantsika tamin'ireo lahatsoratra teo aloha) rehefa misy ny asa, mihena ny fahantrana ,mihena ny tsy fandriampahalemana.

Antony faharoa miteraka ny tsy fandriampahalemana ny fiparitahan'nyfitaovam-piadiana, indrindra ny basy. Ny fanjakana moa efa manao ezaka ny amin'ny fanaraha-maso ireo basy tsy ara-dalàna, ary isaorana azy izany. Fa anisan'ny tena olana dia ny fisian'ireo basy vita gasy, izay marihina fa miteraka loza kokoa noho izy ireo tsy misy taratasy. Marihina fa mila alàlana ny fitazonana basy eto amintsika, eny fa na dia ho amin'ny fiarovana ny tena sy ny fananana aza izany. Mazava ho azy fa raha tsy misy taratasy dia tsy maintsy ampiasaina amin'ny fanafihana sy fandrobana izany. Anisan'ny tena maha zava-doza ilay basy vita gasy dia izy tsy mifidy bala (bille, tapaka fer 6,…). Ilay toe-tsaina tia karokaroka izany eto dia lasa any amin'ny fanaovandratsy. Raha ao amin'ny tsirairay anefa ilay toe-tsaina "Gasitsara", tia mikaroka ny ho amin'ny famokarana madio, inoana avy hatrany fa ilay faharanitan-tsaina entiny hanamboarana basy vita gasy dia entiny hamoronana fitaovampamokarana mahasoa ilaina amin'ny fiainana andavanandro (milina maro isan-karazany, angadin'omby, sns…) mba ho tombontsoan'ny be sy ny maro. Raha mbola minia anefa izy dia tsy maintsy hiteny sy hanitsy azy ny fiaraha-monina rehefa eo anivon'ny fiaraha-monina ilay toe-tsaina "Gasitsara".

Olana fahatelo sady miteraka fahantrana sy tsy fandriampahalemana ny fiparitahan'ny zava-mahadomelina. Tena mampatahotra ny fahitana zava-mahadomelina mahery vaika eto amintsika. Mampalahelo ny fahitana ireo tanora vao erotrerony na lasa adala na lasa miankin-doha. Mahavery fanahy tanteraka ny mahita ny sandrin'ireo tanora feno diana tsindrona ary efa miankin-doha. Miteraka fahantrana satria ilay saina tokony hikarokaroka, hitrandraka sy hitady mihintsy no ampatorian'ilay zava-mahadomelina. Rehefa tonga any amin'ny fiankinan-doha ilay tanora (ary mazàna izay foana no hiafarany satria ny olona misafidy ny hiafina ao ambadiky ny fidorohana matetika dia olona tsy sahy miatrika sedra, ny fiainana anefa dia tsy ilaozan'ny sedra sy fihafiana ary ezaka maro isan-karazany) dia lasa vesatra sy fahasahiranana fanampiny ho an'ny tokantrano sy ny fiaraha-monina misy azy. Miteraka tsy fandriampahalemana satria manome tanjaka sy risika, tsy fahenoana fanaintainana sy tsy fananana fihetseham-po ary maha very "fanahy" ho an'ireo dahalo sy jiolahy. Mahazendana ireo mpitandro filaminana any ambanivohitra mihintsy ny herin'ireo dahalo rehefa mandeha manao fanarahan-dia nohon'ny herin'ilay rongony. Ny fanenjehana sy fanaovana haza lambo ireo mpanao ratsy ataon'ny mpitandro ny filaminana anefa dia mitarika fandaniana vaovao (Solika, vola fandrisika, vatsy, sns…) sy asa fanitarana ny fonja indray ho an'ny fanjakana foibe. Vokany, ireo teti-bola tokony hananganana foto-drafitrasa ilain'ny mponina, fanampiana ara-tsosialy sy seha-pamokarana maro dia ampiasaina amin'ny asa fampandriana fahalemana. Ireo voafonja ihany koa dia lasa vesatra ho an'ny fiarahamonina.

Eo anatrehan'izany rehetra izany ilay toe-tsaina "Gasitsara" dia miantso sy mitaiza ireo tanora ho olom-banona sy ho tompon'andraikitra, hahay hisafidy ny tsara sy ny mahasoa hatrany. Ilay toe-tsaina "Gasitsara" dia hitondra hafanana eo anivon'ny tokantrano, hitondra firavoravoana ho an'ireo tanora na ireo olona misedra olana, satria matetika ireo olana misy eo amin'ny fiainana andavanandro no mahatonga ilay olona amin' ny fidorohana. Ilay voambolana « tsara » iantsoana azy mihintsy no hisintona azy hanao ny tsara hatrany, hahay hanavaka ny tsara sy ny ratsy. Hiadana sy ho finaritra ary ho sambatra tokoa ity nosin-drazantsika ity raha tanteraka izany.

**Lalasoa Razafindrakoto**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fanakanana fivoriana ankalamanjana

## Ny fitondrana no tena saro-tahotra

Taorian'ny antso, filazana nataon' ny minisitry ny atitany teo ireny momba ny fandrarana ny famoriana olona ankalamanjana, dia marobe ireo olona naneho ny heviny tamin'ny gazety ny faran'ny herinandro teo hatramin'ny omaly hariva, nilaza fa hetraketraka ihany ny raharaha toa ireny izay milaza fa fanehoana korontana hono, noho ny tahotra arapifidianana raha atao in-dray mijery ny an'ny mpitondra. Tao ireo nilaza fa matahotra ny fifidianana kasain-katao ve Rajoelina sy ny ekipany? nisy koa ireo nanambara fa : "efa manao ny tsy rariny ka matahotra tanteraka "sao very seza eo.

Ny tena itovizan' ny maro dia ny hoe: rehefa mpanohana an-dRajoelina ve dia mahazo miantsoantso etsy sy eroa, nefa rehefa mba tsy mitovy hevitra aminy na mpanohitra dia sakanana amin'ny fomba manafintohina samihafa tokoa? Maro ireo porofo efa hita izao, maneho fa mijery mitongilana tokoa ry Rajoelina sy ny mpanohana azy, porofon'izany ny sakana natao teny amin'ny Magro ho an'ny Vehivavy TIM, ny teny Soarano saika nataon'ny HVM, ny tany Mananjary, izay efa tsy rariny natao tamin-dry depiote Siteny ihany koa, ny teny Itaosy izay fifampirahabana teo amin'ny antoko Tim, dia gidragidra tanteraka, sns… Nefa raha nanao ny anjarany ny Arema, ny Freedom, ny Ird, sy ry Lokom-boasary samihafa teny ankalamanjana, dia afaka naneho malalaka tokoa, ka na fandokoana tsangambato sy saina mivadika aza dia nekena foana tao Antsirabe faritra Vakinankaratra.

Hita porofo hoy ny maro sendra ny mpanao gazety fa: "matahotra " tokoa ra-Fanjakana ka manao ny tsy rariny toa izao, maniraka ny Emmoreg tsy ampiheverana, tsy mahafantatra ny tokony na ny tsy tokony hatao, sa tsy mahatadidy ny efa nanenjehan'ny vahoaka mpitolona ny FRS, ny RESEP fahiny, ka tokony mba handinika lalina ihany toy ity minisitry ny ati-tany namoaka filazana farany teo ity, ary mba hampitovy fijery amin'ny Ceni, momba ny fanomezana malalaka ny famoriana olona eny ankalamanjana, fa tsy hijery mitanila toy izao.

**Beharo**

Dis-TIM Boriboritany faha-3

# Miantso ny filoha Ravalomanana hirotsaka ho fidiana indray

Miantso ny filoha Marc Ravalomanana, filohan'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM, sady filoha nasionalin'ny TIM, hirotsaka hofidiana indray, amin'ny fifidianana filohampirenena hatao amin'ity taona ity, ny Dis-TIM Boriboritany faha-3 sy ny depiote voafidy tao an-toerana Feno Ralambomanana. Nanatanteraka fivoriambe tao Bel'Air Ampandrana ny sabotsy teo, ny Dis-TIM Boriboritany faha-3. Nandritr'izany, najoro ho hitan'ny rehetra ny biraon'ny DISTIM, ny vehivavy Tim ary ny Jeune Tim, izay maro ny asa miandry azy amin'ity taona 2023 ity, amin'izao hiatrehantsika fifidianana izao. Nanome toky izy ireo, fa tsy handraraka ilo mby an-doha ny haha-madio sy mangarahara ary marina sy ho eken'ny rehetra ny fifidianana hatao. Ho fanatanteraha izany hoy izy ireo, tokony ho tanterahana ny fikaonandoham-pirenena ary tokony hisy hahitsy koa ao amin'ny lalam-pifidianana. Ankoatra izany, tanora miisa 36 mianadahy, no notoloran' ny depiote Feno Ralambomanana "certificat", na mari-pankasitrahana, tamin'ny fampianarana informatika maimaimpoana nomena azy ireo, hahafahana miasa avy hatrany, amin' izao firoboroboan'ny teknolojia vaovao izao.

**Stefa**



*Ny depiote Feno Ralambomanana (afovoany), sy ireo avy amin'ny Dis-TIM Boriboritany faha-3.*

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fitondrana Rajoelina

# Tsy tambo isaina ny fanitsahana lalampanorenana ataony

Tsy fantatra intsony na tsy fahaizana mitantana na tahotra diso tafahoatra, na fampiharana mivilana ny lalàna velona no itantanan'izao fitondrana Rajoelina Andry izao ny Firenena noho ny resaka politika. Ny tena mibaribary dia ny tsy fanajana ny Lalàmpanorenana teo amin'ny fanendrena governora isam-paritra kanefa fifidianan'ny mpifidy vaventy no mifidy ny Lehiben'ny Faritra sy ireo Mpanolontsaim-paritra. Nanambara ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC), fa « vonjy maika » (provisoire) ihany izany kanefa dia efa ho tapitra ny fe-potoana itondran'ireo nampindramina ny fahefana ireo, fa mijanona eo amin'ny toerany ireo governora. Torak'izany koa ny any amin'ireo Kaominina tsy mbola misy Ben'ny Tanàna sy mpanolotsain'ny tanàna miisa roaplo mahery. Efa mahazatra ny filohan'ny Repoblika Rajoelina ny mibodo fahefana, ka mampitatra izany araka izay tiany toy ny tamin'ny tetezamita. Tsy azo odiana tsy hita ny fifampifangaroana ny fahefana, ka ny fahefana mpanatanteraka indray no mibaiko ny fahefana mpitsara sy ny fahefana mpanao lalàna. Ny tranga tato ho ato misongadina dia ny raharaha Rasoamaharo Lôla izay niandoha tamin'ny resaka voalaza, fa fitakiana vola tsy ara-drariny izay nosokajian'ny mpitory azy ho raharaha sivily kanefa namoronana vesatra hafa indray dia ny tsy fandoavany faktioran'ny Jirama mitentina efajato tapitrisa ariary ny taona 2016. Tsy fantatry ny niketrika ny vesatra, angamba, fa misy ny « prescription quadriennalle » izay mamaritra, fa rehefa tsy nihetsika tao anatin'ny efatra taona izay mahatsiaro ho tsy nisitraka ny zony ara-bola dia foana ho azy izany. Midika izany fa ireo manampahefana ankehitriny tokoa, no mitondra ka afaka manao izay tiany atao. Tsy lazaina intsony ny fanaovan'ny olom-boatendry tsinontsinona ny olom-boafidy, ka "préfet de police" no manakana, amin'ny alàlan'ny herim-pamoretana, ny solombavambahoaka tsy hanao tatitra amin'ireo vahoaka nifidy azy. Fandikan-dalàna tsotra izao ny fanakanana ny olompirenena na mpanao politika na olon-tsotra na fikambanana tsy haneho hevitra izay midika ho fanitsakitsahana ny demokrasia sy fizorana any amin'ny didy jadona. Niaraha- naheno ny vaovao tany Toamasina, fa ny "préfet de police" no mampiantona didim-pitsarana satria olom-boatendry izy, ka tsy fahefany na zony ny manome baiko ny fitsarana. Satria ny mpitondra ankehitriny no nanendry azy dia mihevitra izy fa azony atao ny manao izay tiany atao, ka tsy maintsy milefitra amin'izay fanapaha-keviny ny sehatra rehetra ao anatin'ny tanàna ananany fahefana. Mihevitra ihany koa ity manam-pahefana ity fa ao anatin'ny antokon'ny mpitondra izy, ka afaka mampiasa izany loko politika izany na dia amin'ny maha mpiasam-panjakana azy aza. Midika izany fa ireo manam-pahefana isan'ambaratongany eo amin'ny sehatry ny asam-panjakana dia mihevitra, fa rehefa manohana ny fitondrana izy dia afaka mitsabaka amin'ny raharaha any amin'ny sehatra tsy azony idirana. Efa mahazatra ny fandikan'ny herimpamoretana ny lalàna momba ny "franchise universitaire" ka idirany amin-kery any anatin'ny faritry ny Anjerimanontolo ary isamborany mpianatra mitaky ny zony tsy nositrahany nandritra ny volana maro. Mitaky ny fanaovana fanadihadiana momba ny fitifirana vahoaka tany Ikongo ny solombavambahoaka voafidy tany an-toerana. Araka ny kabary nataon'ity solombavambahoaka ity dia tena manelingelina ny mpitondra izy, ka nisy fivorian'ny tandapa teto an-drenivohitra, ny sabotsy lasa teo, ka nisongadina tamin'izany ny tetika hoentina manao velampandrika hamonoana azy ho faty. Tsy misy miafina amin'ny olompirenena mpanaraka ny fiainam-pirenena, indrindra eo amin'ny sehatra politika, fa manampatra fahefana sy tsy mitsahatra ny manitsakitsaka ny lalàna velona eto amin'ny Firenena izao fitondrana izao. Hiatrika fifidianana ny Malagasy amin'ity taona ity, ka mba hahalany izay kandidà mendrika sy tiana ho tonga eo amin'ny fitondrana dia ireo lalàna tsara indindra dia ny fandrafetana ny Lalàm-pifidianana hanampenana ireo hirika rehetra hangalarana, hanamarinana ny lisitry ny mpifidy sy hametrahana mpikambana ao amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana sy ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Miandraikitra ny Fifidianana, ho avy amin'ny hery velona rehetra misy eto amin'ny Firenena. Adidy tsy maintsy tanterahin'ny Raiamandreny ara-panahy sy ireo Olobe ny mandresy lahatra ny mpifidy tsy ankanavaka, hahay hanavaka ny vary sy ny tsiparifary, ka tsy ho voavidy amin'ny zavatra mandalo sy manodoka fa hibanjina lavitra.

***Andry Tsiavalona***

Mpomba an-dRavalomanana Toliara

# Namelona ala honko tany Ankilibe Saint- Augustin

Ho fanamafisana ny firaisankinan'ny mpanohana ny filoha Marc Ravalomanana any Toliara, nanantanteraka hetsika fambolen-kazo, famelomana ny "ala honko " tany Ankilibe, Kaominin'i Saint-Augustin, distrikan'i Toliara faharoa, faritra Atsimo Andrefana ny sabotsy teo ny mpomba ny filoha Marc Ravalomanana rehetra any Toliara. Tonga nifamotoana nanantanteraka ity hetsika ity avokoa ny avy amin'ny Antoko TIM Toliara, ny KMMR Toliara (Komity Manohana an'i Marc Ravalomanana), ary ny PPMR Toliara (Pro Président Marc Ravalomanana), ka hafaliana tsy nisy ohatr'izany no nanatontosàna ity fambolena ala honko aman'arivony mahery fototra ity. Satria toerana amoron-dranomasina rahateo i Toliara sady tanàna anisan'ny mivelona amin'ny jono koa rariny raha fanamarihana ny maha zava-dehibe ny Ala Honko, no nosafidian'ny mpikatroka rehetra nanamarihana ity hetsika firaisankina ity. Nisy ihany koa ny toromarika nifampizaràn'ireo mpitarika nandritra izany, izay mifono teny fifankatiavana sy firaisankina amin'ny maha samy mpanohana ny filoha Marc Ravalomanana, ka samy resy lahatra avokoa ny rehetra, fa ny miasa miaraka ihany no lakilen'ny zavatra rehetra izay hatao.

Nandefa solontena ihany koa ny avy ao amin'ny Antoko HVM Toliara, izay nasaina manokana amin'ny maha samy mivondrana ao amin'ny RMDM ny roa tonta.

Tokana ny tanjona hoy ireo mpikarakara notarihan'ny kolonely Rabe Jules sy Me Helisoa dia i Madagasikara mandroso, firenena vanona.

***Isambilo***



*Ireo mpitarika ny fambolena ala honko tany Saint-Augustin.*

ANOSIVAVAKA, ANKAZOMANGA

# Taom-pandresena ho an'ny TIM ny 2023 hoy ny depiote Todisoa

Mijery ny mponina amin' ny toerana nahavoafidy azy hatrany ny depiote Todisoa Andriamampandry. Feno dia feno ny fotoanany ny sabotsy teo tao amin'ny Boriboritany faha-6 nahavoafidy azy. Ny maraina izy tamin'io fotoana io dia nanome voninahitra ny fifampiarahabana tratry ny Asaramanitra nataon'ny Foko-TIM Anosivavaka. Nanolotra fanampiana ho azy ireo ity olom-boafidy ity nandritra izany, nanentana koa izy ny rehetra vory tao, hitarika ireo olona mbola tsy voasoratra anarana ao amin'ny lisi-pifidianana, hanatanteraka izany any amin'ny fokontany misy azy. Rehefa miara-mientana sy miray hina isika, ho taom-pandresena ho an'ny TIM sy ny filoha Marc Ravalomanana ity taona 2023 ity hoy ihany izy. Ny tolakandro, teny Ankazomanga ny depiote Todisoa, mitohy hatrany ny asa sosialy ataony, ka ny fokontany Ankazomanga indray, no nisitraka izany. Nanome fiofanana maimpoana sy fanomezana fitaovana maimampoana amin'ny fanaovana savony ny tenany, entina anampiana ireo fokonolana amin'ny asa andavanandro, mba ho fanampiana ny fiharian'izy ireo koa amin'izao fiainana sarotra izao. Nitarika ny fiofanana kosa ny filohan'ny Tanora TIM Ambohimanarina, Lalaina Rabezanahary.



*Ny depiote Todisoa teny Ankazomanga ny sabotsy teo.*

***Niaina***

## TONONKALO

### *Hiampy indray ny jeneraly*

Hisy maromaro indray no hakarina ho jeneraly ,
Fa izay ilay tetikady fanambazana bebaoty?
Amin'izay mba mihiratriratra ary koa mba falifaly,
Fa matetika no efa mila handatsaka an-kilaoty ?

Ireo hatrany no vatsiana, ireo hatrany no tohanana,
Fa ny tetika dia tsotra : mihevitra hanamafy toerana ?
Ireo no tena ianteherana ao anaty fifidianana,
Raha vao mihetsika mahery ny ao anaty fanoherana ?

F'efa nisy ve mpitondra sahy nilaza, nanambara
Hoe nahery noho ilay izy nanan-jeneraly maro ?
Toa tsy izany velively raha zohina ny tantara :
Ny vahoaka raha mitroatra , tsy hay tohaina ka fantaro !

…Hisy maromaro indray ireo hakarina girady,
F'efa izany , tena izany no hany sisa bala farany .
Toy ny marika mitory f'efa tena resy an'ady
Ity ilay tsy nahay nitondra, ka hanipika ny anarany !

***DADAN'i ZINA (29-03-23)***

NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny filoha Marc Ravalomanana nitafa tamin'ireo mponina sendra azy tao Carion distrikan'i Manjakandriana omaly.






Nosakanan'ny mpitandro filaminana indray ny filoha Marc Ravalomanana sy ny mpiara-dia aminy, raha nihazo an'i Manjakandriana omaly io.






Na nisy aza ny fanakanana, nandeha an-tongotra ny filoha Marc Ravalomanana nihazo an'i Sambaina sy Manjakandriana.






Tafahoana tamin'ny mponin'i Manjakandriana tao Sambaina ihany, ny filoha Marc Ravalomanana sy ny mpiara-dia aminy.






## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Ny ratsy fanahy azera [na: roahina.] noho ny haratsiany; fa ny marina matoky, na dia mby ao amin'ny fahafatesana aza."*

***Ohabolana 14:32***

**JUDO MALAGASY**

# Hiatrika lalao iraisam-pirenena maromaro ato ho ato



*Filohan'ny FMJ niaraka tamin'i Laura tetsy Andohan'Analakely.*

Nampahafantarin'ny filohan'ny FMJ "Federation Malagasy de Judo", tamin'ny firesadresahany tamin'ny minisitry ny tanora sy fanatanjahantena Malagasy tamin'ny sabotsy 01 aprily teo teny amin'ny biraon'ity farany eny Andohan'Analakely, fa lalao iraisam-pirenena miisa 3 be izao no hatrehan'ny Judokas Malagasy ato ho ato dia ao ny fiadiana ny ho tompondakan'i Afrika sokajy "Cadet sy Junior", izay hatao amin'ny volana jolay ho avy izao, sy ny "Open Africa" sokajy Junior, izay hatao any Luanda Angola amin'ny faha-7 ka hatramin'ny 9 aprily 2023 ho avy izao, ka handraisan-dRasoanaivo Laura anjara ary ny fiadiana ny ho tompondaka eran-tany sokajy "Sénior", izay hatao any Doha amin'ny faha-7 mey 2023.

***Rainilita***

**Makis à 7 vehivavy**

# Ireo voafidy amin'ny World Rugby Sevens Challenger Series 2023

Nivoaka ankehitriny ny lisitr'ireo mpilalao Makis à 7 vehivavy, voafidy handray anjara amin'ny fifaninanana « World Rugby Sevens Challenger Series 2023 », izay hatao any amin'ny kianja "Markotter Stadium de Stellenbosch Afrique du Sud", hanomboka amin'ny 20 ka hatramin'ny 30 aprily 2023 ho avy izao (dingana voalohany hanomboka amin'ny 20 ka hatramin'ny 22 aprily ho avy izao, dingana faharoa amin'ny faha-28 ka hatramin'ny faha-30 aprily 2023). Ny anaran'ireo mpilalao rehetra : R.Monica Ftfa, B.Marie Christine Ftfa, N.Patricia Scb, Mirasosa Joella Ftm, R. Tiana Jinah Scb, M. Dapesse Toliara, R.Sandratra 3Fb, R. Sarindra Ftm, R Claudia Ftm, Zaya Zouanah Scb, Ginah Christine Ftm, R. Felaniaina Ftm, R. Valisoa Erickah Scb. Head coach : Andriamaro Hajasoa, Coach : Akio Imai, Coach Assistant : R. Zaka. Marihana fa miisa 13 ireo firenena mpilalao handray anjara amin'ny fifaninanana, izay nozaraina ho vondrona 3. Poule A : Colombie, Pologne, Hong Kong, Chine, Parguay. Poule B : Afrique du Sud, Mexique, République Tchèque, Madagascar. Poule C : Belgique, Thailande, Chine, PNG. Tsy tafiditra ao anatin'io lisitra io i Nomenjanahary Sarindra kapitenin'ny Makis à 7 vehivavy teo aloha, izay voatana amin'ny asany sy Rasoanekena Véronique Eluriche. Tamin'ny alahady 02 aprily 2023 teo no niala teto an-tanindrazana ny delegasiôna Malagasy, nihazo an'i Afrika Atsimo ary mbola hiatrika fampiofanana "mise à niveau" mandritra ny 15 andro fara-fahakeliny, mialohan'ny hiatrehana ny fifaninanana.



*Makis à 7 vehivavy.*

***Rainilita***

**Rugby XXL Top 20, 2023 » andro faha-3**

# Nampiseho ny heriny indray ny Cosfa rugby sy Ftm Manjakaray



*Fihaoanan'ny Ftm sy Cosfa Rugby tamin'ny lasa.*

Nampiseho ny heriny indray ny fileovana Cosfa rugby sy Ftm Manjakaray, tamin'ny alahady 02 aprily 2023 teny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka, tamin'ny fiatrehana ny andro faha-3 amin'ny fifaninanana « Rugby XXL Top 20, 2023 » andro faha-3, fa samy nanamontsana tamin'ny elanelan'isa navesatra dia navesatra ny fileovana Mang'Art Manjakaray sy ny Usa Ankadifotsy. Voka-dalao andro faha-3 : Scb (27) – (37) Uasc Rugby, Cosfa Rugby (69) - (18) Mang'Art, Uscar (34) – (28) Ftat, Ftm (75) – (19) Usa.

***Rainilita***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny depiote Todisoa, nanatrika ny fifampiarahabana tratry ny taonan'ny Foko-TIM Anosivavaka Boriboritany faha-6 ny sabotsy teo.**



**Ny depiote Todisoa, nanampy amin'ny fanomezana fiofanana ireo mpikatroka TIM, amin'ny fanamboarana savony tao amin'ny fokontany Ankazomanga. Nanofana ny filohan'ny tanora TIM Lalaina Rabezanahary.**



**Ny fivoriamben'ny Dis-TIM Boriboritany faha-3 tetsy Bel'Air, natrehan'ny depiote Feno Ralambomanana, sy ny depiote Todisoa.**



**Ireo tanora nahavita fiofanana momba ny informatika tao amin'ny Boriboritany faha-3, notoloran'ny depiote Feno Ralambomanana, mari-pankasitrahana.**



TRANGA MAHONENA

# Zazalahy kely 6 taona maty nisy nanolana

Omaly alatsinainy maraina tokony ho tamin'ny 3 ora sy sasany, no hita teo akaikin'ny trano fonenany ity zazalahy kely ity, rehefa nokarohina nanomboka ny atoandrotoandron'ny alahady 2 aprily teo. Niboridana tanteraka ka nitsirara no nahitan'ireo fianakaviana sy mpiaramonina izay nifarimbona tamin'ny fikarohana azy.
Nilalao niaraka tamin'ny namany no nahitana azy farany tamin'io atoandron'ny alahady io, tokony ho tamin'ny 11 Ora sy sasany. Nanaitra ny Ray aman- dreniny ny tsy nodiany ny atoandro, ka nanomboka ny folak'andro ihany dia efa nanomboka nikaroka izy ireo. Nanontaniana sy notetezina avokoa ny fianakaviana, namana ary mpiaramonina saingy tsy nahitam- bokany .
Nitohy nandritra ny alina izany, ka nanaitra ireo mpikaroka ny nahitana azy tampoka teo akaikin'ny tranony. Nahitana rà tao amin'ny fitombenany, ka rehefa nojeren'ny mpitsabo dia voamarina fa nihàran'ny herisetra ara- nofo ity zazalahy mponina ao Ambohimena Atsimo Antsirabe faritra Vakinankaratra ity.
Ahiana ho olona manodidina eny ihany, ka naharaka tsara ny fihetsik'ireo fianakaviany, sy olona nanampy tamin'ny fikarohana no nahavanona ny loza.
Efa misokatra ny fanadihadiana ataon'ny mpitandro filaminana, ka antenaina fa tsy ho ela dia ahitam- bokany izany.




*Ilay zazalahy kely maty nisy nanolana.*

***Ambinintsoa***

Iberanandrasana Johna Augustin

# "Mila Olom-banona sy sahy i Gasikara"

"Mila Olombelona manam-panahy sy nianatra ary sahy ny sehatry ny fanaovana politika ankehitriny eto Madagasikara", hoy i Iberanandrasana Augustin. Tsapa tokoa mantsy fa mibahana loatra anatin'ny fikirakirana ny politika eto amintsika akehitriny ilay toe-tsaina tia valifaty. Tsy mahay mifamela intsony ny samy "mpanao politika". Vokany, manjaka ao anatin'ny sehatra politika ny "Kobay an-kelika" sy ny fifampiandrasana kendry tohana. Mihena ny fahasahiana hanao ny marina, ny rariny ary ny hitsiny. Vitsy amin'ireo "mpanao politika" no miaina anatin'ny fahitsiana, fanetrentena ary ny fanolorantena. Tsy mahagaga raha toa ka mikorosy fahana tanteraka ny lentan'ny fanaovana politika eto Madagasikara. Ireo Valala tsy mandady harona no mizaka ny voka-dratsin'ny adilahin'ireo mpanao politika, izay tsy baikon'ny fikatsahana tombontsoa iombonana intsony, fa ny ho an'ny tenany sy ny fianakaviany ary ireo akamakamany no imasoany fatratra.
Lesoka ankoatry ny fahalovan'ny toe-tsaina entina manao politika eto Madagasikara ihany koa anefa, ny nanarian-dRamalagasy ny "maha izy" azy toy ny "Kolontsaina nentim-paharazana" izay mirakitra soatoavina sarobidy loatra, ho antoka amin'ny firindran'ny fiainan'ny fiarahamonina mba hisian'ny fampandrosoana. Vokany, zary lasa menatra sy matahotra amin'ny fanehoana ny maha malagasy azy ny Malagasy. Aoka tsy ho hadinointsika anefa fa sarotra ny hisian'ny fampandrosoana anatin'ny firenena iray, izay nanary sy nanao tsinontsinona ny kolontsainy sy ireo soatoavina raiketin'izy ireny.
Mila resy lahatra amin'ny tenany sy mahatoky tena amin'izay rehetra atao ihany koa ny Malagasy, eo am-piatrehana ny fiainana fandalovana, raha te hahita fahombiazana ombana fandrosoana.
Mila jerena akaiky ihany koa ny fampiharana ny lalàna mifehy ny fanabeazana eto Madagasikara, mba ho mora ny fanatanterahana ny asa fampandrosoana. Tsy ny fahavitana ireo foto-drafitrasa maro tokoa mantsy no tondrom-pandrefesena ahafahana milaza fa mandroso ny firenena iray, fa ny tahan'ny isan'ireo tsy mahay mamaky teny sy manoratra. Raha ny eto amintsika, mbola ambony ny tahan'ny habadoana izay mananika ny 80% amin'ny isan'ny mponina.



*Iberanandrasana Johna Augustin, vonona hizara ny traikefany ho fampandrosoana.*

***Lalasoa Razafindrakoto***

Mpitsara Basketball Andiany "TARATRA 2023"

# 38 mianadahy navoaka ofisialy teny amin'ny ANS

Mpiofana mpitsara basikety miisa 38 mianadahy tamin'ireo 41 niatrika ny fampiofanana, no afaka tamin'ny fanadinana natao, ka navoaka tamin'ny fomba ofisialy, teo anoloan'ny FMBB, DRJS Analamanga, Ligy Analamanga Basketball, CCA,CEBB, Seksiôna rehetra eto Analamanga, CRA Analamanga, ireo Filohan'ny DRA rehetra eto Analamanga, teny amin'n y ANS Ampefiloha tamin'ny alahady 02 aprily 2023 teo. Andiany "Taratra 2023" no anarana nisaloran'izy ireo. Nizara roa izy ireto, ka nisy ireo ankizy 15 taona ka hatramin'ny 18 taona, izay natao hoe "Young Referee Ambassador", hifantoka kokoa amin'ny fanentanana an' ireo ankizy hianatra ho mpitsara lalao, ary misy kosa ireo mihoatra ny 18 taona izay hanampy isa an' ireo efa mpitsara lalao amperin'asa, hampianatra sy hampita ny lalàna mifehy ny Basket-ball ho an'ireo Klioba misy azy ireo tsirairay avy.

***Rainilita***



*Famohana mpitsara basikety "TARATRA 2023" teny amin'ny ANS Ampefiloha.*

## Taratasin'ny mpamaky

Saika tsy hiteny ihany aho kanefa aleoko mamoaka ny ato anatiko izay mahararary ahy. Resaka La Gazette de la Grande île no tiako tenenina. Mpiasan'ny La Gazette aho nanomboka tamin'ny Novembre 2015 taorian'ny nahafatesan-dRamika, nisolo azy aho amin'ny maha-mpanao sary ahy. Nofeheziko arak'izay fefy tokony tsy hihoaran'ny mpanao sary an-gazety sy ny mpanao gazety ny asako, na dia mamely olona aza aho anatin'ny sariitatra ataoko dia fantatro, fa asan-gazety no ataoko ary mampita vaovao no asako. Gazety manao kritika ny La Gazette ary maro no tsy faly amin'ny zavatra voasoratra ao. Tato ho ato, hatramin'ny nisamborana ny tompony Lola Rasoamaharo dia nifamahofaho ny fanehoan-kevitra teto, misy ny faly, misy ny tezitra, misy ny malahelo. Nolazaina fa tsy misy resaka pôlitika ny raharaha Lola Rasoamaharo fa adin'olon-tsotra, androany hariva anefa dia noraofin'ny zandary tao ny entana fanaovan-gazety rehetra. Gaga aho sady malahelo no mitaintaina satria na inona na inona dia namelona ahy ny La Gazette de la Grande île ary anisan'ny nampivoatra ny asako amin'ny maha-mpanao sariitatra an-gazety ahy. Adin'ny samy henjana hoy ny maro, fa ny tsy hain'izy ireo dia tsy Lola Rasoamaharo ihany no potehiny fa olon-tsotra mpiasa manana fianakaviana velomina daholo. Dia eto izany izao izahay mpiasa dia manontany tena hoe hanatevin-daharana ny tsy an'asa ve sanatria. Asan'izay milaza azy ho mitady vahaolana ho an'ny firenena anefa mamotika izay efa mijoro. Tsaroako, fanakatonana haino aman-jery no nandrodanana fanjakana tamin'izany, ankehitriny ny fomba teo ihany no miverina. Tsy fombako ny miteny be loatra fa androany mafy ny mahazo ahy. Niezaka nanaiky ihany aho hoe misy izany Liberté d'expression izany fa raha izao zava-misy izao dia ... An'ny rehetra no mandinika.

***Rindra Razafindrabe***
***Mpanao gazety***

Fosa Juniors Fc Boeny

# Ekipa tafita voalohany hiatrika ny «Playoffs » amin'ny OPL

Ny ekipan'ny Fosa Juniors Fc Boeny tao amin'ny vondrona "Conférence Nord", izay manana isa 28, no efa fantatra fa tafita voalohany hiatrika ny ny dingana «PLAYOFFS » amin'ny fifaninanana baolina kitra « Orange Pro-League 2022-2023 ». Tontosa tamin'ny sabotsy 01 sy tamin'ny alahady 02 aprily 2023 teo ny andro faha-12 amin'ity fifaninanana ity, ka nahazoana ny vokatra : "Conférence Nord" : As Fanalamanga (2) – (0) Ajesaia, Uscafoot (0) – (1) Cosfa, Fosa Juniors Fc (1)- (0 Tffc. "Conférence Sud" : Zanakala Fc (1) – (1) Elgeco Plus, 3Fb Toliara (1) – (0) Jet Kintana, Cffa (1)- (0) Dato Fc. Mitarika an'isa vonjimaika manana isa 28 ny ekipan'ny Fosa Juniors Fc taorian'io andro faha-12 io, ao amin'ny vondrona «Conférence Nord ». Manaraka azy eo amin'ny laharana faha-2 ao amin'io vondrona io ny ekipan'ny Cosfa manana isa 23, faha-3 ny As Fanalamanga (isa 17). Mitarika an'isa vonjimaika ihany koa manana isa 19 ao amin'ny vondrona "Conférence Sud" ny ekipan'ny Cffa arahin'ny Mama Fc (isa 17) sy ny Elgeco Plus (isa 16).

***Rainilita***



*Ekipan'ny Fosa Juniors Fc Boeny.*

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**01/04/2023 hatramin'ny 08/04/2023**

- **AMPANDRANA** (Ampandrana) 020 22 258 99 / 034 19 341 82
- **AMBODIVONA** (Ambodivona) 034 07 228 98
- **MAHAMASINA** (Mahamasina) 020 22 545 58/020 22 545 59/034 07 545 58
- **ISORAKA** (Isoraka) 020 22 285 04/020 22 694 12
- **CAPITALE** (Rond point Ankazomanga) 020 23 610 00/032 12 610 00/033 28 693 88/034 25 610 00

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1421-04-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FETIN'NY PASKA**

# Fihenam-bidy miavaka ao amin'ny Tranombarotra Baolai

Rehefa manakaiky toy izao ny fetin'ny Paska dia milina mandeha amin' ny rianaratra no mahasarika ny daholobe. Manana tolotra miavaka amin' izany filana izany ny Tranombarotra « Baolai » etsy Analakely, Soarano ary ao Bazar - be Toamasina, no « Distributeur Officiel » ny marika « Hisense » ( Sponsor Mondial 2022) eto Madagasikara efa ho 13 taona lasa izao. « Ho fanomezana fahafampo ny besinimaro dia vao nahatonga Smart tv sy Télé Led misy manomboka 32 hatramin' ny 85 pouces izahay ( misy antoka 1 taona daholo) , izay misy fihenambidy samihafa. Ho an' ny 32 pouces Jeyoo dia manomboka 350.000 Ariary ny vidiny » hoy ny tompon' andraikitra. Mbola misy koa ny machine à laver double barre, Laser Tv 100 pouces, climatiseur maro samihafa, table de mixage, panneaux solaires mono sy polychristalline, Smartphone, « Ary ho an' ireo izay manjifa ny televiziönina iray 32 pouces hisense izay 529.999 Ariary ny vidiny, dia mahazo fer à repasser iray », hoy ny tompon' andraikitra… Ny fanazavana fanampiny dia ho azo amin' ny pejy fb sy « site web »: baolai ary ao amin'ny laharana 020 22 308 48 - 033 37 188 88 ( amin'ny ora fiasana). Dia hahafinaritra tokoa ity volana ho avy vao higadona ity, miaraka amin' ny Tranombarotra «Baolai ».

**Aly**



*Karazan'entana hita amin'ny Tranombarotra Baolai.*

Fianarantsoa, Mahajanga, Toamasina

# Nifandona indray ny mpianatra sy ny herim-pamoretana



*Ny zava-nitranga tany Fianarantsoa omaly.*


Nifandona indray ny mpianatry ny Oniversite sy ny herim-pamoretan'ny fitondrana Rajoelina omaly, tany Fianarantsoa renivohitry ny faritra Matsiatra Ambony. Tany amin'ny Oniversiten'Andrainjato, raikitra indray ny fitokonana. Nifamely ny mpianatra sy ny mpitandro ny filaminana. Raikitra noho izany ny torabato, sy ny fanapoahana baomba mandatsa-dranomaso. Mpianatra iray no voalaza fa voasambotra. Raha ny angombaovao dia mitaky ny vatsim-pianarany 5 volana mbola tsy voaloan'ireo tompon'andraikitra ireo ireo mpianatra. Raha ny vaovao azo omaly, mitokona toy izany koa ny mpianatry ny Oniversite any Ambondrona Mahajanga sy ny any Barikadimy Toamasina. Vatsim-pianarana 5 volana tsy voaloa sy equipement koa no olana ho azy ireo. Nisy ny nanambara ireo mpianatra fa mahita hividianana 4 x 4 ho an'ireo lehiben'ny distrika ny fanjakana, fa nahoana no tsy mahita vola anefana ny vatsim-pianaran'ny mpianatra, tsy rariny mihitsy ny zava-misy hoy izy ireo.

**Stefa**

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 429**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana


Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0428)

| **Mitsivalana** | | **Mitsangana** | |
|---|---|---|---|
| - Firenena | - Ome | - Fanitso | - Natao |
| - Ala | - Sira – Aho | - Ar | - Ela – May |
| - Navotana | - Lainga (miv) | - Rovitra | - Nandeha |
| - Irina – Do | | - No (miv) – AG | - Ao – Lo (miv) |

**TENY MIFANAPAKA N° 429**



**Mitsivalana**

**1.** Fanaka fihinanana **2.** Lehiben'orinasa (miv) – Fanasana mihaja (mi) **3.** Maneho fofona tsara – Mari-bola **4.** Mpanolotra – Henoko **5.** Habakabaka – Faran-teny **6.** Kosa (miv) – Marika **7.** Nandray **8.** Mampandeha ny fiarakodia (miv) **9.** Zava-diso, tsy marina – Heloka **10.** Kamban-telo – Manaraka ny amontana

**Mitsangana**

**A.** Raim-pianakaviana **B.** Esorinao – Santa **D.** Tanimbary **E.** Taova – Mpanoritra **F.** Fiampitana **G.** Iray sy iray (miv) – Lalam-pirenena – Marika (BR) **H.** Matoanteny **I.** Renintsoratra tsy mitovy – Nefaina vola **J.** Bibikely lalandava (miv) **K.** Miaraka amin'ny atsy – Milaza fananana

### Valiny Teny mifanaraka 0428

**Mitsivalana**

**1.**Fantarinao **2.** Io - Vono (miv) - Do **3.** Tranga - Fi(to) **4.** Ia (miv) - Ta - Lena **5.** Zavatra - Zo (miv) **6.** Any - Ravaka **7.** Na - Tamiko **8.** Sira (miv) - BNI **9.** Nenitoa - AA **10.** Ao - AB - Inri

**Mitsangana**

**A** Fitazanana **B.** Aorianareo **D.** Vy - In **E.** Tonta - Tsia **F.** Angatra - TB **G.** Roa - Rambo **H.** IV - Lavinay **I.** Fe - Aky **J.** Adinoko - Ar **K.** OO - Aza - Fay

BEGIDRO BELO TSIRIBIHINA

# Nitombo ny nanao vaksinin'ny covid19 noho ny fandalovan'ny mpampandry tany

Niha-maro ireo nanao vaksinin'ny covid19, noho ny fandalovan'ireo mpampandry tany, any amin'ny kaominina Begidro any amin'ny distrikan'i Belo Tsiribihina.
Raha ny lafiny fahasalamana ao amin'ny distrikan'i Belo sur Tsiribihina no resahina dia manana tobim-pahasalamana na CSB ( Centre de Santé de Base) 18 izay CSB2 sy CSB1, ka ny roa amin'ireo CSB no tsy manana fitehirizana vaksiny, izay tsara ho marihina fa CSB vao nosokafana ireo, dia ny ao Masoarivo sy Belinta, ka manokana fotoana isakerinandro hanaovana vaksiny ho an'ireo CSB roa ireo, ny CSB akaiky amin'ireo roa ireo hoy Dr Rajaonarivony Roger Médecin inspecteur SDSP Belo sur Tsiribihina .
Eo amin'ny fanaovana vaksiny dia somary manahirana ny famatsianna vaksiny ny CSB2 Begidro, satria dia miala any amin'ny DPEV ( Direction du Programme Elargie de Vaccination ) Antananarivo dia tonga ao amin'ny renivohitry ny distrika ao Belo/ Tsiribihina, ka roa andro eny ambony rano vao tonga any Begidro raha milamina ny tany, satria isan' ny olana amin'ny fitaterana ny vaksiny ny tsy fandriampahalemana izay misy ; eo koa ny lafiny toetr'andro satria tsy misy afa-tsy amin'ny alalan'ny reniranon'iy Tsiribihina no hahafahana mifamoivoy, izay tsy azo ivezivezena rehefa ratsy ny toetr'andro. Ka raha tokony ho isaky ny 2 volana ny famatsiana vaksiny ny CSB2 ao Begidro dia lasa atao isam-bolana izany ary ampitomboina ny stock, mba hisorohana ny mety tsy ho fisian'ny vaksiny tampoka nohon'ny olana voalaza etsy aloha. Raha ny fitehirizana ny vaksiny indray dia azo antoka tanteraka satria misy ireo fitaovana avy amin'ny UNICEF itaterana sy hitehirizana ny vaksiny misy refrigerateur izay mandeha amin'ny tanjaky ny masoandro, ao koa ny porte vaksiny izay manaja tsara ny chaine de froid, ka tsy hatahorana ny mety hahasimba ny vaksiny ; raha ny fazotoan'ny olona manao vaksiny indray dia somary marisarisa ireo mponina amin'ny fanaovana vaksiny satria dia mbola mahazo vahana ny tsaho amin'ny réaction immunitaire na dia efa miezaka manao ny fanentanana ny mpitsabo sy ireo AC (agent communautaire ). Mba ho entina handresena izany hoy Andriamatoa Patriote Kenny Fleuris Randriamanampitsoa, izay mpitsabo mpanampy chef CSB2 Begidro ; napetraka ny rafitra Comite communal de la santé (CCDS) izay tarihan'ny ben'ny Tanàna ary hivondronan'ireo mpiasan'ny fahasalamana, sy ireo filohan'ny fokontany ka nahitana vokatra tsara ; teo koa ny fandalovan'ireo mpitandro filaminana avy amin'ny zandary izay notarihan'ny Colonel Faneva nanao operation, satria niara-dalana ny fampandrian-tany sy ny hetsika fanentanana ny fanaovana vaksiny ny COVID19. Natahotra koa ireo mponina sao hisava karatra vaksiny ireo mpanao operation, ka tafakatra enim-polo isan-jaton' ny mponina teo an-tampon-tanànan'i Begidro no vita vaksiny raha 30 isanjato kosa izany manerana ny kaominina raha ny bilan farany hoy hatrany Andriamatoa Patriote Kenny Fleuris Randriamanampitsoa izay mpitsabo mpanampy, chef CSB2 Begidro.



*Patriote Kenny Fleuris Randriamanampitsoa, mpitsabo mpanampy, chef CSB2 Begidro.*

***Rajepa***

Commune Begidro Ankiroroky

# L'opération de sécurisation a augmenté le nombre des vaccinés contre le covid19

Le passage des gendarmes qui ont fait une opération de sécurisation dans la commune de Begidro Ankiroroky district de Belo Tsiribihina, dans la Région Menabe, a augmenté le nombre de personnes vaccinées contre le covid19.
Begidro Ankiroroka est la dernière commune à l'est du district de Belo sur Tsiribihina dans la région Menabe, qui a 6 fokontany et a une superficie de 2973 km² avec une population de 13420. La commune a un centre de santé où il y a 2 infirmièrs fonctionnaires et 1 sage-femme bénévole.
Il n'y a pas de route qui y mène, mais la rivière Tsiribihy est la voie de circulation des personnes et des produits à travers des canottes à moteur. La commune de Begidro fait partie des communes productrices de haricots et de maïs et de nombreux touristes y transitent car la commune possède de nombreux attraits touristiques comme la piscine naturelle.
En ce qui concerne la santé dans le district de Belo sur Tsiribihina, il y a 18 centres de santé ou CSB (Centre de Santé de Base) qui sont des CSB2 et des CSB1. Deux de ces CSB n'ont pas de stockage de vaccins, il convient de noter que ces CSB viennent d'être ouverts à Masoarivo et Belinta, donc les CSB proches de ces deux CSB se réservent du temps chaque jour pour vacciner les gens venant des deux CSB, a déclaré le Dr Rajaonarivony Roger Médecin , inspecteur du SDSP Belo sur Tsiribihina.
Si nous parlons du CSB2 de Begidro, c'est un bâtiment qui ne respecte pas les normes médicales et qui est déjà en mauvais état. Alors, une partie du bureau communal a été donné aux personnels soignants : il n'y a que des infirmiers et le chef du CSB2 est infirmier.
Pour la vaccination, il est un peu difficile d'approvisionner le CSB2 de Begidro car ceci part de la DPEV (Direction du Programme Elargi de Vaccination) à Antananarivo et arrive au chef-lieu de district à Belo/Tsiribihina. Là, il faut compter deux jours pour l'obtenir par voie fluviale, mais çà dépend de la stabilité sur la rivière Tsiribihy et de la sécurité dans la localité aussi. Donc au lieu de tous les deux mois, l'approvisionnement de vaccins dans les CSB2 se fait tous les mois en augmentant le stock pour éviter une rupture de vaccin soudainement, en raison des problèmes mentionnés précédemment. Quant au stockage du vaccin, il est totalement sécurisé car il existe des appareils de l'UNICEF qui vont stocker et conserver le vaccin avec un réfrigérateur solaire, et il y a aussi un port de vaccin qui respecte la chaine du froid, donc des vaccins endommagés ne sont pas à craindre. En ce qui concerne la volonté des gens à se faire vacciner, les habitants sont un peu réticents à se faire vacciner car la rumeur d'une réaction immunitaire continue de prendre de l'ampleur même si les médecins et les AC (agents communautaires) tentent de les sensibiliser pour les aider à la surmonter, a déclaré M. Patriote Kenny Fleuris Randriamanampitsoa, infirmier, chef CSB2 Begidro. Le système des Comités Communaux de Santé (CCDS) dirigé par le maire de la commune et regroupant les agents de santé et les chefs de villages ou chef de fokontany a été mis en place avec de bons résultats. Le passage des agents de sécurité de la gendarmerie qui ont fait une opération de sécurisation, dirigés par le colonel Faneva, a aussi fait augmenter les personnes vaccinées contre le covid19. Les habitants ont peur que les forces de l'ordre vont chercher leur carnet de vaccination, or il n'y en ont pas, c'est pour cela, ils se sont faire vaccinés. Pour cette raison, 60% des habitants de Begidro ont été vaccinés alors qu'il n'y en a que 30% dans toute la commune selon le dernier bilan, dixit M. Patriote Kenny Fleuris Randriamanampitsoa, infirmier, chef CSB2 Begidro.
Il convient de noter qu'à part les 6 villages de Begidro, le CSB2 Begidro fournit toujours des vaccins au CSB1 Belinta, qui doit suivre les étapes pour livrer le vaccin, et les médecins et agents communautaires (AC) travaillent dur avec le Comite de la santé (Cosan) dans la communauté pour encourager les gens à se faire vacciner et gérer le vaccin pour respecter la chaîne du froid. Pour cela, il faut faire 5 étapes pour se faire vacciner à Belinta et ses villages, il existe déjà un pré-ordre établi et il a été donné à l'avance pour aider les parents. Les résidents seront vaccinés par la vaccination quotidienne ou par le vaccin congtre le covid19.
La vaccination continue actuellement. Le vaccin Jenssen, contre le covid-19, est organisé pour que seules 4 personnes puissent le faire pour chaque dose.
A part cela, les parents ne viennent pas au centre de santé à cause de la difficulté de la vie, donc beaucoup d'entre eux ne complètent pas la vaccination des enfants comme le BCG, ou le vaccin anti-polio. Les vaccins qui sont utilisés tous les jours, a déclaré Rasazy Joséphine, disponibles au site de vaccination, fait le tour de la maison. Pour les endroits lointains, nous essayons de compléter la vaccination des enfants, en tenant compte de la conservation, afin qu'il ne soit pas endommagé, a-t-elle dit, car le vaccin est précieux et coûteux, et nous devons respecter la chaîne du froid.
Si on redemande aux gens de se faire re-vacciner, ils disaient qu'il n'y ont pas de temps, c'est pourquoi ils ne se vaccinent pas, ils disent aussi qu'ils ne voyent pas le sens parce que se faire vacciner et ne pas se faire vacciner semblait être la même chose. Il faut encore beaucoup d'efforts pour convaincre la population rurale de Menabe de se faire vacciner, surtout pour fréquenter les centres de santé car la médecine traditionnelle est encore populaire dans les zones rurales, par contre il n'y a pas de médicament en cas de maladie. Cas de covid19 dans les centres de santé des zones reculées, ils sont traités uniquement avec des médicaments contre la grippe, a déclaré Mr Patriote Kenny Fleuris Randriamanampitsoa qui est infirmier, chef CSB2 Begidro.
Il y a aussi une pénurie de médecins dans les zones rurales, et les infirmiers qui viennent de terminer les cours de PARAMED sont dispersées pour s'occuper des CSB dans les villages, donc il y a souvent des problèmes avec certains CSB car certains d'entre eux n'ont pas encore assez d'expériences. Pourtant, les infirmiers peuvent contrôler leur travail comme le cas qui existe au CSB2 Antsiraraka parmi les CSB2 dans le district de Belo/Tsiribihina où il y a eu un cas de Polio au mois de mars et qui a été maîtrisés par ces Paramed. Quant à Begidro, on constate qu'il y a un effort pour promouvoir la santé de la population, cela a donné de bons résultats, donc je ne sais pas pourquoi l'infirmier de Begidro a été muté pour être responsable du CSB2 à Antsiraraka. L'affectation de Mr Patriote Kenny Fleuris Randriamanampitsoa va commencer ce mois d'avril au CSB2 Antsiraraka.





*Appareils pour porter et conserver les vaccins.*

***Rajepa***